## NY TENY FIAINANA

*"Hampitomboina ho anareo anie ny famindrampo sy ny fiadanana ary ny fitiavana".*
***Joda 1:2***

**FMBB SY FANKALAZANA NY 8 MARTSA**

# Lalao basikety sy fanangonana fanampiana ho an'ny traboina

Efa vonona ny FMBB "Federation Malagasy de Basket Ball", mpikarakara amin'ny hetsika fankalazana ny 8 martsa 2022 eto Antananarivo, izay hiarahany amin'ireo mpiara-miombon'antoka aminy samihafa.

Eny amin'ny Kianja Barea Mahamasina, no fotoana hanatanterahana an'izany amin'io talata 08 Martsa 2022 io ka hisy ny :

-Diabe firaisankina ho fankalazana ny andron'ny vehivavy,

-Lalao basikety 3x3 ho an'ny "Vétérans" Vehivavy,

-Lalao basketty 3x3 ho an'ny ankizy U12 F, U14F,

-Fanangonana ireo fanampiana avy amintsika rehetra ho an'ireo traboina tamin'ny fandalovan'ireo sikilaonina samihafa teto Madagasikara.



*FMBB teny amin'ny Kianja Barea.*

**Rainilita**

**Kick Boxing**

# Mamofompofona politika ny fifidianana ho filohan'ny Federasiôna

Miisa 4 ireo kandidà ho fidiana ho filohan'ny Federasiôna vaovaon'ny taranja Kick Boxing, izay ho tanterahina rahampitso alahady 6 martsa 2022 dia Andriamatoa sany "général Lylison René de Rolland, Governoran'ny Faritr'i Sofia, Razafimandimby Fernand José, Serge Vital ary i Me Boto Gilbert.

Nambaran'Andriamatoa Rakotoarimanana Patrick José, filohan'ny Ceni Kick Boxing, mpikaraka ny fifidianana, fa 9 amin'ireo ligim-paritry ny Kick Boxing 15 misy, no handray anjara amin'ny latsabato.

Raha tarafina vonjimaika dia mamofopofona resaka pôlitika indray ity fifidianana federasiôna iray ity, ka ho hita teo ny vokany.

Heverin'ny maro fa tsara toerana hitantana an'ity rafitra ity anefa i Me Boto Gilbert, izay nilomano tanteraka tao anatin'ny taranja fotoana naharitra, fa efa niainga tany amin'ny naha-mpilalao azy, mpanazatra avy eo ary mpikarakara hetsika kickboxing isan-karazany amin'izao.

**Rainilita**



*Me Boto Gilbert.*

**Misaona ny hand-ball Malagasy**

# Nodimandry Fidèle Razafintsalama filohan'ny Federasiôna teo aloha



*Razafintsalama Fidèle fony fahavelony.*


Manjombona indray ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy. Nodimandry tamin'ny alakamisy 03 martsa 2022 teo amin'ny faha-68 taonany, Razafintsalama Aimé Fidèle, filohan'ny « Fédération Malagasy Handball » teo aloha, sady filoha am-perinasa ny CAHB zône 7. Notanterahina omaly zoma 04 martsa 2022 teny Andriampamaky Anjozorobe (RN3) ny fandevenana ny nofo mangatsiakany.

Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa dia maneho ny fiaraha-miory ary mitondra ny teny fampiononana ho an'ny ankohonany sy ny fianakaviany manontolo ary ny fianakaviamben'ny fanatanjahantena Malagasy, indrindra ny taranja Hand-ball manokana, sy ireo mpianany tao amin'ny Collège St Michel Amparibe

**Rainilita**

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Tel. 034 79 076 00

## Sakafo Ny Valosoa



Atidohan-kena saosy voatabia indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny moringa na ananambo

Ny soa azo avy amin'ny moringa na ananambo indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ireo zavatra hita ao aminy:



- Proteina
- Vitamine B6, C, B2, A.
- Magnésium.
- Vy na fer.

Ireo zava-tsoa azo avy aminy :

- Mahatsara ny fo, manampy amin'ny fiasan'ny fo.
- Mahatsara ny saina, manampy amin'ny fiasan'ny saina.
- Mahatsara ny aty.
- Anti-oxydant , na miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Anti-inflammatoires, miaro amin'ny fanaintainana.
- Mampidina tahan'ny cholesterol.
- Mampidina tahan'ny siramamy ao amin'ny rà, tsara ho an'ny Diabétique.
- Manala kohoka, sery, tazo.

Azo atao laoka, azo atao jus, azo hamainina dia atao dite.

Tsara ary afaka misotro ihany koa ny zaza mihoatra ny 3 taona.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Marovoay Sud any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky

Ny tanànan'i Marovoay Sud any amin'ny distrikan'i Besalampy faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marovoay Sud ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 6 mandrafitra ny distrikan'i Besalampy. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy. 60% ny mponina any dia miasa amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana avokoa. Vokatra any Marovoay Sud ny vary, ny voanio na ny coco ary ny voanjo.

